TATITRA

FAMETRAHANA NY MIRALENTA ENY AMIN'NY VONDROM-BAHOAKA IFOTONY

DINGANA FAHA: 4

Firenena: Madagasikara

Koaminina: Fort-Dauphin

Daty: 08-09-10 Jolay 2015

Ireo mpizaika nandritra ny atrikasa

FANOLORANA

Ny 08 ka hatramin'ny faha 10 Jolay 2015 dia nivory tao amin'ny efitrano malalaky ny "chambre de commerce" ny mpiofana amin'ity atrikasa amin'ny dingana faha efatra amin'ny maha ivontoerana mendrika ity kaominina ity.

Ireo mpandray anjara tamin'ny fiofanana dia miisa 25 ka 5 lehilahy ary 20 vehivavy. Avy amin'ireo fikambanana, sosialin'ireo orinasa ary ireo toerampiasana ato amin'ny kaominina ambonivohitra Faradofay. Misy amin'izy ireo no efa teo niatrika ny dingana voalohany sy faharoa ary misy ny tsy mbola niatrika. Misy koa ny efa niatrika fiofanana momba ny miralenta fa misy ihany koa ny mbola tsy niatrika. Navitrika dia navitrika tokoa izy ireo tamin'ireo taranja rehetra novelabelarina tao.

Marihina fa nisy taranja tokony hatao tamin'ny dingana faha-5 no nampiofanina tamin'ny faha telo andro ka somary navesabesatra ihany ny fandaharam-potoana.

Voasoratra ao amin'ny fandaharam-potoana daholo ireo taranja nampiofanina araka ny ora naharetan'ny fampiofanana.

TANTARA

Tamin'ny taona 2003 no nanaovan'ny GENDER LINKS fanadihadiana feno momba ny fiantraikan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny politika tao amin'ny FAA (Fifanarahan'ny Faritra Atsomon'i Afrika). Anisan'ny zava-dehibe tsapa tao amin'ny "Ringing up the Changes, Gender in Politics in Southern Africa" na "Famohazana amin'ny torimaso ka hirosoana amin'ny fanovana sy amin'ny Miralenta eo amin'ny sehatra politika ao amin'ny faritra FAA" fa ny fitondrana ifotony dia sehatra iray izay mampalahelo fa nohamaivanina tao amin'ireo lahateny aman-tsoratra mikasika ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony. Vokatr'izany, nanao fikarohana mamaky lay ny GENDER LINKS tamin'ny taona 2006/2007 tao amin'ny Coalface: Gender and local government, (sur le terrain: Genre et collectivité locale na eny an-tsehatra: Miralenta sy Fitondrana ifotony) tany Afrika, Lesotho, Maurice ary Namibie.

Hita tamin'io fanadihadiana io fa vitsy ny fampiharana natao mba hametrahana ny foto-kevitry ny Miralenta amin'ny drafitra fampandrosoana rehetra eo anivon'ny fitondrana. Vitsy koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanolo-tsain'ny Kaominina hahay hitarika asa. Nanomboka tamin'izay dia nitarina tamin'ny firenena sivy hafa ny fanadihadiana. Eo amin'ny fomba fiasa indray: raha vao vita ny tatitra an-tsoratra momba ny fikarohana natao dia nanao fampiofanana momba ny fampahafantarana sy ny paika any amin'ireo firenena tsirairay avy ireo miaraka amin'ireo mpiombona antoka sy ny mpiara-miasa fototra ny GENDER- LINKS.

Ny taona 2012 dia nisy ireo tetikasa mahasahana ny "vehivavy sy ny fifidianana ifotony" izay niarahan'ny Gender Links sy ny fandaharan-asa PNUD mba hampiofanana ireo vehivavy miomana hiatrika ny fifidianana Ben'y Tanana sy mpanolon-tsaina, ny tanjona dia ny hampiakarana ny taham-pandraisana anjaran'ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny fanampahan-kevitra eny anivon'ny kaominina.

Nosafidina manokana hakana kaominina 4 ho ivo toerana mendrika ny faritra Anôsy noho ny maha ambany ny isan'ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny fanapahankevitra sy ny mbola tena tsy aneken'ny lehilahy, na ny vehivavy koa aza, an'ity miralenta ity.

Ny nampiavaka ny eto Faradofay dia vehivavy ny Filohan'ny Delegasiona manokan'ny Kominina ambonivohitra ary mpampiofan'ny Genderlinks, sady nitondra an'ity fiofanana dingana faha 4 ity nandritra ny telo andro sy ny dingana faha 3 tapak'andro.

Nisy koa ireo kandida ben'ny Tanana sy mpanolotsaina no isan'ny mpiofana tao. Nazoto nandray anjara daholo ireo mpiofana ka samy finaritra daholo ny rehetra.

FIZOTRY NY ATRIKASA

Fampiasana sy fampiharana

Nosokafan'ny solontena avy ao amin'ny talem-paritry ny mponina Ramatoa Berthe, tamin'ny fomba ôfisialy ny atrikasa.

Nanambaran-dramatoa solotena ny talem-paritry ny mponina fa efa maromaro ireo fiofanana momba ny miralenta natao tato amin'ny faritra anôsy. Nanomboka ny faraparan'ny taona 2009 hoy izy dia efa tsy latsaky ny efatra no natao notarihin'ny foibem-partra anôsy. Toy izany koa ny momba ny ady amin'ny herisetra mpahazo ny ankizy sy ny vehivavy. Tsy izahay ihany ho ity farany no manao izany fa ao koa ireo vondrona vehivavy isankarazany misy eto antampotananan'i Faradofay.

Raha jerena anefa ny tahan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny filatsahankofidina dia hita fa nitombo nefa tsy araky ny tokony hoy izy.

Zava-dehibe ho an'ny faritra hoy ihany izy ny fiofanana toy izao ka dia isaorana ny genderlinks sy ny mpampiofanana izay hanatontosa izao fiofanana izao.

19 no isan'ireo vehivavy hirotsaka ho fidina ho ben'ny Tanana ato amin'ny faritra anosy, ao anatin'ny kaominina 17 no misy azy ireo satria misy kaominina 2 izay misy vehivavy roa no kandida ao ankoatr'ireo lehilahy.

Rehefa vita ny fanokafana amin'ny fomba ofisialy ny atrikasa dia natomboka avy hatrany ny andro voalohany tamin'ny atrikasa. Hita tena navitrika tokoa ireo mpandray anjara nandritra ny fivoriana indrindra fa tamin'ny lohahevitra momba ireo fiheverana raikitapisaka izay sarotra fafana mihitsy hoy ireo mpiofana aty amin'ny faritra atsimo. Toy izany koa ny

fandravonana ady sy disadisa izay mateti-pitranga koa eo anivon'ny fiaraha-monina. Ny ady tany no tena misy amin'izany sy ny ady lova noho ny tsy anekana fa mpandova ny vehivavy.

Ny nampiavaka ity fiofanana ity koa dia tamin'ny famoahana ireo antontan'isa mampiavaka ny vehivavy sy ny lehilahy. Hita ny fahafahampon'ny vahoaka eo amin'ny Jiro et antampon-tanàna izay tsy misy fahatapatapahana.

Hevitra nivoaka nandritra ny ady hevitra
Maro ireo tosa-kevitra nivoaka nandritra ny fifanakalozan-kevitra. Anisan'izany ny:

ANDRO VOALOHANY

<u>Hevitra fototra iompanan'ny miralenta</u>

Tokony hatao matetika ny fiofanana toy itony satria sarotra ny fampanekena na ny vehivavy, indrindra fa ny lehilahy amin'ireo anjara asa sasantsasany ho azo ataon'ny rehetra. Fa tsy maintsy misy ihany voatokana ho an'ny lahy na ny vavy. Ny fanatrehana fiofanana no mampiova haingana izany hoy ireo mpiofana fa raha fanentanana amin'ny radio fotsiny dia ela vao hahitam-bokatra.

Teo amin'ny asa tarika natao dia hita taratra amin'izany koa ny fampisogadinan'ireo mpiofana ny tsy faneken'ireo ray aman-dreny ny vehivavy ho isan'ny mpandova tany.

Na dia izany aza nefa dia resy lahatra ireo mpiofana fa ny toetra voajanahary ihany no tsy azo ovana fa sarotra ary mila fotoana ela vao hisy ny fampiharana izany.

<u>Miralenta sy ny fitondrana fanjakana ary ny fitarihana mitondra fanovana</u>

Ny tahotra, ny tsy fahampian'ny fahalalana ary ny tsy fananam-bola, hoy ireo mpiofana no mahatonga ny vehivavy tsy hirotsaka ho fidina.

Ao koa ny tsy fahatokian-tena hahazo fandresena, noho ny fahitana fa na ny vehivavy koa aza dia tsy dia vonona loatra hifidy ny vehivavy toa azy.

ANDRO FAHAROA

<u>Miralenta sy fandravonana ady sy disadisa</u>

Nafana dia nafana tokoa ny ady hevitra teto amin'ity lohahevitra ity.

Nizara tarika telo ireo mpiofana ka samy nanao seho sehatra roa avy izy ireo ary samy nisafidy ny lohahevitra izay hasehony.

1. Ray aman-dreny nizara lova dia tsy omena ny vehivavy fa ny lahy tokana ihany nanelana ny reny tsy nety ny ray ny rahavavindreny no nanelanelana dia nilamina fa nanome anjara ilay lahy tokana
2. Mpitahiry volan'ny fikambanana nandany vola ka ny filohan'ny fikambanana no nanelanelana nanaiky ny handoa ny vola laniny
3. Ady ao amin'ny fiangonana fitsabahana amin'ny andraikitry ny hafa
4. Adin-jaza nifandratra nentina am fokontany nanelanelana ny sefo fokontany
5. Ady tany tsy nety niala ilay tsy tompony fa niasa ny tany nitaraina ny tena tompony tany am fokontany, ben'ny tanana, naka huissier, nitory tany am gendarmerie ka saika ho gadraina zay vao niravona ny disadisa niala lay nibodo ny tany
6. Disadisa momba fandoavana hofantrano eo amin'ny tompotrano sy ny mpanofa, tonga ny mpifanolobodirindrina mpiara monina handamina tsy nety nilamina ry zareo nentina any am sefo fokontany dia niravona ny ady

Foto-kevitra sy politika ahatongavana amin'ny Miralenta

Nazava tsara tamin'ny mpizaika ny momba ny filana fototra andavan'andro izay voavahan'ny fanomezana vola na toro hevitra mitovitovy amin'izany ka mora voavaha eo noho eo fa tsy maharitra sy ny filana maharitra mila paikady izay mila fiofanana sy drafitrasa matipaika mba hampisy fampandrosoana.

Voamarika teto koa ny fifampizaran'ireo vehivavy ny momba ireo fepetra findramam-bola ao amin'ireo orin'asa mpampindram-bola. Betsaka moa ireo mpanome micro credit izay vao niorina eto Faradofay.

Rehefa niroso amin'ny tatitra sy antontan'isa manavaka ny lahy sy ny vavy dia hita teo ny tsy fahafahampon'ny vehivavy amin'ny sehatra maro

1. Ny fampidirana mpiasa amin'ireo orinasa vaventy eto antoerana no nasian'ireo mpizaika resaka fa tsy dia misy loatra hono nymangarahara

2. Ny fikatonan'ireo paompy fatsakandrano hoan'ny daholobe any amin'ny fokontany noho ny tsy fandoavan'ireo mpitantana ireo fotodrafitrasa ireo ny volan'ny JIRAMA no taraina sy tsy mahafapo ny vahoaka hoy ireto mpizaika.

3. Voamarika koa ny fivangongon'ny fako eny amin'ny bac à ordure noho ny tsy fahampian'ny fitaovan'ny commune. Na dia izany aza dia hita fa madio ihany ny arabe.

4. Voasongadina tao ihany koa ny **fahafampon'ny rehetra ny amin'ny jiro** satria dia efa ho telo taon izay notsy nampisy ny "delestage" teto Fort-Dauphin. Fa ny faktiora tsy mety mihena no mampikaikaika ny olona nefa dia orinasa matanjaka no manome ny herin-jiro.

Ny amin'ny fanaovana ny tetibola hirosoana amin'ny miralenta dia ny fanadiovana ny Tanana no tena nasian'ny mpiofana tsindripeo mba ho vehivavy no handray anjara rehefa misy ny HIMO momba ny fanadiovana ny Tanana.

ANDRO FAHATELO

<u>Fampandrosoana maharitra (fiovaovan'ny toe-trandro)</u>

Nisy ady hevitra be koa ny momba ny fiovaovan'ny toetrandro satria ny manodidina ny distrikan'i amboasary atsimo dia tany mahavokatra nefa amizao dia mihena izany satria betsaka ny doro tanety

Misy ihany hoy ny mpiofana ireo fambolenkazo nefa tsy misy ny fanarahamaso ka dia ritra ny ala.

Herisetra GBV

Nandritra ity taranja iray ity dia voaresaka be ny momba ny fanafihana ataon'ireo jiolahy ireo vahiny mpizaha tany mandalo aty sy ireo vehivavy miaraka aminy.

Ny tsikaritra koa, araka ny fanamarihana nataon'ireo mpiofana, dia misy koa ireo vahiny mpizaha tany no miaraka amin'ireo zaza mbola tsy ampy taona.

Ao koa ny tsy faneken'ny ray aman-dreny, ny hanan'ny vehivavy anjara lova tany na fananana vaventy.

VOKATRA AZO

- 25 mpizaika nahazo ny fiofanana ary nahazo ireo tahirin-kevitra mifanaraka amin'ny lahadiniky ny fiofanana
- Resy lahatra amin'ny tokony hialana amin'ireo fiheverana raikitapisaka ny mpiofana satria tsapa hoy izireo fa sakana amin'ny fampandrosoana izany

FANAMBY

- Maro amin'ireo mpiofana no mpitarika fikambanana ka fikasan'izy ireo ny hampiofana ireo mpikambana namany.
- Ireo izay miasa any amin'ny orinasa dia hampita any amin'ny mpiaramiasa aminy
- Hanohana ireo vehivavy mirotsaka ho fidina.
- Ny fahavitrihanan'ireo mpiofana hivoy ny miralenta miaraka amin'ny herivelona rehetra eto an-tanàna.

TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA

ATRIKASA MOMBA NY FAMETRAHANA IVONTOERANA MENDRIKA
Dingana faha 4
Firenena: Madagasikara
Kaominina: FARADOFAY
Daty: 8-9- 10 Jolay 2015

Ora	Daty	Tompon' andraikitra
	Andro voalohany 8 Jolay 2015	
8h 30- 9h	Fisoratana anarana	Mpampiofana
9h- 9h 30	Fanokafana amin'ny fomba ofisialy	Talem-paritry ny mponina; mpampiofana
9h 30 - 10h	Teny fampidirana sy fanolorana ny zava-kendrena Filazalazana amin'ny mpandray anjara momba ny vokatra andrasana Famelabelarana ny toro lalana mikasika ny fandraisana anjara	Mpampiofana
10h - 10h 15	**Pause café**	
HEVITRA FOTOTRA IOMPANAN'NY MIRALENTA; GENRE ET SEXE		
10h15-11H	Hevitra fototra iompanan'ny Miralenta	Mpampiofana

11h - 11h30	Fahasamihafana voajanahary sys y fahasamihafana novolen'ny fiaraha-monina, eo amin'ny vavy sy ny lahy	Mpampiofana
11h30-12h	Asa isantarika momba ny fiheverana raikin-tapisaka Tatitra isantarika	Mpiofana
12h – 12h30	Fandravonana	Mpampiofana
12h30-13h	Fanontaniana sy valiny	Mpiofana
13h – 14h	SAKAFO	
MIRALENTA SY NY FITONDRANA FANJAKANA ARY NY FITARIHANA MITONDRA FANOVANA		
14H-14H 15	Fahazoana miditra, Fandraisana anjara, Mitondra fanovana	Mpampiofana
14H15_15H30	Asa isan-tarika tatitra isan-tarika	Mpiofana
15H30-15H45	Fanatsarana ny fahaiza-mitarika	Mpampiofana
15H45-16h	Tatitra sy adihevitra andraisan'ny rehetra anjara	Ny rehetra
Andro faharoa 09 Jolay		
	Filazam-baovao	Mpiofana

8h 30- 9h	Famintinana ireo lohahevitra andro voalohany	
Miralenta sy fandravonana ady sy disadisa		
9h - 9h30	Inona ny atao hoe ady sy disadisa? Inona no antony mahatonga ny ady sy disadisa?	Ny rehetra
9h30 – 10H	Inona ny andraikitra raisin'ny kaominina momba ny ady sy disadisa?	Ny rehetra
10h- 10h15	Pause cafe	
10h15- 12h 30	Fandravonana ady sy disadisa	Ny Mpampiofana
12h30 – 13h	Fanontaniana sy valiny	Ny rehetra
13h- 14h	Sakafo	
Fotokevitra sy politika hahatongavana amin'ny Miralenta		

14H-14H30	Filana fototra andavan'andro sy filana maharitra mila paikady	Mpampiofana
14h30-15h	Tatitra sy antontan'isa manavaka ny ny vehivavy sy ny lehilahy	Ny rehetra
15h-16h	Fanaovana teti-bola hirosoana amin'ny Miralenta	Ny rehetra

Andro fahatelo 10 Jolay

8h 30 – 9h	Famintinana ireo lohahevitra natao andro voalohany sy faharoa Sy filazam-baovao	Mpiofana

Miralenta sy ny fiarian-karena

9h -10	Ny asa tsy andraisan-karama ataon'ny vehivavy	Mpampiofana
10h -10h 15	**Pause café**	
	Fampandrosoana ny toe-karena ifotony	
10h 15 – 12 h 30	Miralenta sy fampandrosoana ny toe-karena Ifotony Paik'ady hampandrosoana ny toe-karena ifotony	Mpampiofana
12h 30 – 13 h	Fanontaniana sy valiny	Ny rehetra
13h – 14h	**Sakafo**	
	Fampandrosoana maharitra (fiovan'nytoe-trandro)	
14h – 15h	Famaritana / fampahafantarana fototra Fiatraikan'ny fiovaovan'ny toetrandro amin'ny miralenta	Ny mpampiofana
	Herisetra GBV	
15h -15h 30	Ireo fepetra fototra momba ny Herisetra GBV ao amin'ny Fifanarahan'ny SADC Momba nyMiralenta sy ny Fampandrosoana	Ny mpampiofana
15h 30 – 15h 45	Tombana	Ny mpampiofana
15h 45 – 16 h	Fanomanana ny dingana faha 3: Fitadiavana paik'ady hahazoana olona 300 Fizarana andraikitra amin'ny famenoana ny taratasy fanadihadiana sy fanampiana ireo olona tsy mahay manoratra nefa te haneho hevitra.	Ny rehetra
16 h	Famaranana amin'ny fomba ofisialy ny fiofanana	SOLOTENA DIR POP

TOVANA B : FANAMARINAM-PAHATONGAVANA

Fandaharana: Stage 4
Kaominina: Amboasary Atsimo
Firenena: MADAGASCAR
Daty: 8-9-10 Jolay 2015

N°	Anarana & Fanampiny	SEXE	Toeram-piasana sy asa atao	Participant en retour	Nouveau participant	TEL	E mail
1	JOHN ROUSSEL	H	JOURNALISTE		1.	0340848055 0327964618	
2	MARA FANJELY	H	INSTITUTEUR		2.	0345547914	
3	RAKOTOVAO HENRIETTE	F	ANIMATRICE SECALINE	3.		0342915480	
4	RAZAFINDRANORO PAQUERETTE	F	FIKAMBANANA FIANGONANA JESOSY FAMONJENA		4.	0327704613	
5	RASOANANDRASANA BERTHE	F	SDPPSPF F/D		5.	0332567601	
6	MAROVAVY ESPERANT ELYSA	F	MPIVAROTRA		6.	0324244760	
7	MAMPIONONA GEORGETTE	F	PRESIDENTE ASSOCIATION FAGNINA	7.		0332115747 0324101426	

						0347318147	
8	RAZAFINJATOAMANTIA CHANTAL CLAUDIA	F	VICE PRESIDENTE ASSOCIATION	8.		0324390443 0337215912	
9	RASOARINORO GERTRUDE	F	PRESIDENTE ASSOCIATION NENY MAZOTO	9.		0325106535 0330694692	
10	RASOANANDRASANA BERTHE	F	MAMBRA VMLF ANOSY		10.	0341995385	
11	MIRARISOA ONICA OLISCA	F	SECRETAIRE VMLF DISTRIKA FORT/DAUPHIN		11.	0331772029	
12	RANARIVELO JOCELYNE	F	ASSOCIATION RANDRANEFATRA		12.	0331203126	rjocelyne72@gmail.com
13	RAZAFITSARANDRO RUPHINE	F	VEHIVAVY 8 MARS AMBOANATO	13.		0326471038	
14	RATOHANDRAINA THIERRANDE	F	ECONOME ECOLE TOBY NENILAVA		14.	0333258085	
15	RASOAMALALA JEANNETTE	F	MPIVAROTRA	15.		0331828687	

16	ANJARANASY SABINE OLIVA	F	SECRETAIRE DIR POP		16.	0337217416 0348941529	a_olivah@yahoo.fr
17	TAFA SOARLINE	F	MEMBRE ASSOCIATION CONSEILLERE	17.		0332122326	
18	RASOAMAMPIONONA ALICE	F	CHEF FOKONTANY	18.		0341050569	
19	RAZANANIRINA ROLLANDE ROSIE	F	DIRECTRICE CEG	19.		0330865569	rosierollande@yahoo.com
20	RAHASARIVELO ISABELLE	F	DOCTEUR PEDIATRE	20.		0331251375	
21	RAZAFINDRATSIMA HONORE	M	PREZIDA MPAMBOLY		21.	0326858644	
22	RAFARAVAVY FLORETTE	F				0330698849	
23	ANDRIJOELINA DEWA SALOHINIRINA	F	Directrice regionale du TOURISME		22.	0341715121	saholydewa@yahoo.fr
24	RANIRINIAINA MAIXENT	M	CHAUFFEUR		23.	0342987324	
25	RATSITSISON TOMBOTSOA PERLIEN	M	ETUDIANT		24.	0347922477 0327549339	
26	ROUSSELLE LANDISSE	F	MPANAMORA			034 25 815 25	
27	RAZAFITSARANDRO NORLINE	F	MPANAMORA			032 02 344 30	zafinorline@yahoo.fr

						033 21 759 66 034 45 188 84	
28	RASOLOARIVELO PERLINE ENDOR	F	PHARMACIENNE FACILITATRICE			033 12 414 98 034 12 222 16 032 72 292 17	perlendor@yahoo.fr

Stat:

Lahy	5	20%
Vavy	20	80%
TOTAL	**25**	**100%**

Tovana E – Famintinana ny tomban'ny atrikasa

TOMBANA

Sexe	☐ Lahy 06 ☐ Vavy 19					
Firenena	Madagascar					
Kaominina	Fort-Dauphin					
Taona	12 - 17 ☐ 0	18 -30 ☐ 5	31- 40 ☐ 5	41 - 50☐ 8	51 – 60 ☐ 6	60 + ☐ 1
Fianarana	Ambaratonga voalohany☐ 1	Ambaratonga faharoa☐20	Oniversite ☐ 5	Fanofanana ara-kasa ☐2		Fampianarana olon-dehibe ☐

FANDAHARANA	**ISA**
1. Firafitry ny fandaharana amin'ny ankapobeny	8,76
2. Votoatin'ny fandaharana	8,42
3. Tahirin-kevitra nampiasaina	8,28
4. Fampitan'ny tompon'andraikitra ny fiofanana	8,98
5. Asa isam-baomiera (travail de groupe)	8,64
6. Vokatra azo	8,78
7. fanajana nyfandaharam-potoana	8.34
8. fahalalana azon'ny mpiofana	8,74
9. Tombontsoa eo amin'ny fivelarana	8,72
10. Fandaminana ankapobeny (sakafo, toerana, sns…	9.18

Fanamarihana

1. **Inona tamin'ny fandaharana no tena nahafinaritra anao? Antony?**
    - Ny fandaharana mikasika ireny fiofanana satria mahaliana, sady mampahafantatra zavatra maro
    - Nahafinaritra daholo satria nandray anjara ny rehetra (nisy lehilahy)
    - Fitantatanana fifanolananasatria izay aho vao nahita ny antony sy ny fanatrehana azy
    - Ny mpanentana satria vao sambany niatrika fandaharana ka liana sy variana be
    - Fandaharana momba ny VIH/SIDA
    - Fikarakarana marary VIH/SIDA
    - Ny fandaminana ny oran'ny fiofanana satria mandeha amin'ny tokony ho izy ny fiofanana
    - Ny fifandraisanay, ny serasera,ny fifanakalozankevitra, ahafantarana zavatra maro
    - Fandaharana momba ny fahazoan'ny vehivavy conge de maternité satria betsaka ny tsy mahazo izany
    - Ny fandrafetana plan d'action
    - Ny ady hevitra tao amin'ny asam-baomiera
    - Ny votoatin'ny fandaharana

2. **Inona tamin'ny fandaharana no tsy dia nahafinaritra anao? Antony?**
    - Fiverimberenan'ny zavatra efa natao satria mandany fotoana
    - Sarotra no fanehoana azy satria mifampiankina loatra ny zavatra natao ka aleo mangina
    - Famerenana na tsiahy an'ireo zavatra ampisongadiana ny miralenta satria efa hadino ny sasany
    - Ny asa izay nataon'ny isantarika: ny fiadiankevitra
    - Tena ilaina daholo
    - Any amin'ny fikambanana sy ny fiaraha-monina ihany koa

3. **Ahoana ny fomba fampiharanao ireo fahalalana noratovonao teto?**
    - Mba hampandrosoana ny firenena tsirairay ary mba anatsarana ny tokantrano
    - Maka lesona ho an'ny tenako ary miezaka koa mizara amin'ny hafa

- Fomba atao dia miainga amin'ny fandresendahatra sy ny fifanantonana amin'ireo mpiara-monina isantokony
- Ao anatin'ny tokantrano aloha, ny fiainana andavan'andro aty ampiasana koa dia azo anaovana izany
- Amin'ny alalan'ny fanentanana
- Mampita amin'ny namana
- Fanentanana eny rehetra eny
- Fanentanana any amin'ny orinasa
- Fanaovana porte à porte
- Eny andalambe

Fanamarihana hafa?

- Marihina fa tena nahafinaritra ny fiofanana natao teto sady nahafantaranazavatra maro
- Tsara ny fiofanana fa ny fotoana no mila ampiana
- Tohizo ary miandry ny vokatry ny drafitrasa, veloma
- Irina ny hitohizan'ny fiofanana, tsar any fiarahana mifanakalo amin'ny hafa momba ny hevitra, tiana koa raha mba misy solontenan'ireo maire mba ho hitanay
- Fangatahana mba hisy fifanakalozana isan'ny faritra samy hafa koa
- misaotra
- Tokony hisy fihaonan'ny mpiofana avy amin'ny GL mba hifanakalo traikefa any Antananarivo
- Tokony atao matetika ny fiofanana
- Mahafinaritra ny mpampiofana fa tsy masiaka fa ny mpiofana be tabataba manimba ny fifantohan'ny hafa